WIKIPEDIA

Fiteny korda

Ny **fiteny korda** na **fiteny kordisy** dia fiteny indo-eoropeana ao amin'ny sampana misy ireo fiteny iraniana andrefana. Ny vahoaka korda izay miisa 44.000.000 any ho any sady monina amin'ny faritra midadasik'i Kordistàna, izay voazara amin'i Torkia sy i Iràna sy i Iràka ary i Siria, no tena miteny azy. Ahitana vahoaka korda koa ny any Eoropa sy ny Etazonia sy ny any Kanada ary ny any Aostralia.

Soratana amin'ny vondron-tarehin-tsoratra telo karazana ny fiteny korda amin'izao, dia ny tarehin-tsoratra latina (ao amin'ireo Korda any Torkia sy Siria), ny tarehin-tsoratra sirilika (ao amin'ireo Korda any amin'ny tanin'ny Firaisana sovietika taloha) ary ny tarehin-tsoratra arabo (amin'ireo Korda ao Iràka sy Iràna).

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_korda&oldid=971383"

Voaova farany tamin'ny 14 Jiona 2019 amin'ny 08:31 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.